


ALAHADY - KAREMY 4 - TAONA A



NY FINOANA AN'I KRISTY NO FAHAZAVANA VAOVAO

Ry Kristianina havana, mizotra hatrany ny DIA ary miatrika hatrany ny ADY isika, Alahady fahefatra amin'ny karemy izao. Tamin'ny Alahady lasa teo dia 19 marsa hatsiarovantsika manokana an'i Md Josefa Ray mpitaiza an'i Jesoa amin'ny daty andavanandro fa noho izy Alahady sady fahatelo ny karemy dia nankalazaintsika ny alatsinainy andro manaraka ary izao volana marsa izao hahatsiarovantsika manokana an'i Md Josefa. Tsaroantsika i Md Josefa ilay lehilahy marina sy tia amin'i Kristy isika dia miara-mitsangana aminy. Modely raha mandresy ny ratsy isika ka tody amin'ny tena fiainam-baovao, ho zanak'Andriamanitra hiara-mitsangana amin'i Kristy isika. Izany no anentanan'ny Eglizy atsika anio Alahady fahaefatra izao. Efa akaiky tokoa ny Paka ka hanampy atsika hiombona bebe kokoa amin'i Kristy, tsy iza moa fa i Kristy aina izay nolazaintsika ranovelona tamin'ny Alahady fahatelo karemy izay nahatsiarovantsika koa an'i Md Josefa mpitaiza an'i Jesoa, Alahady namakiansika ny evanjely manambara ny fihaonan'i Jesoa tamin'ilay vehivavy samaritana.

Vakiteny I : 1 Sam, 16, 1b, 6-7, 10-13a
Tononkira : Sal. 22,
Vakiteny II : Efez. 5, 8-14
Evanjely : Jo 9, 1 -41

Androany kosa tantaran'i Jesoa mihaona amin'ilay jamba ka nahiratra. Isika koa dia tahaka ilay jamba nahiratra raha mandray an'i Jesoa. Azo lazaina fa azahoantsika onina fa hazavana i Kristy satria izy no fahazavana mitondra ny fiainantsika. Jamban'ny fahotana maro isankarazany isika ka tsy hitantsika ny lalankombantsika, rehefa ao amin'i Jesoa isika, miara-mandresy amin'i Jesoa dia misokatra ny masontsika, ny masom-pinoana niainantsika tamin'ny taonan'ny famindrampo. I Jesoa no ilay mibaby atsika, mandray ny fahontantsika ka ny mason'i Jesoa no hijerentsika an'izao rehetra izao; raha mason'Andriamanitra no masontsika dia miova ny fiainantsika. Ao amin'i Jesoa izany isika ary izany no hafaliana, fandalovana ho atsika izany tahaka ny miala amin'ny fahafatesana isika ka miditra amin'ny fiainam-baovao. Tahaka an'ilay jamba teo amoron-dalana tokoa isika mitalaho aminy mba ho alain'ny ny fahajambana manjo atsika, maro ny fahotana manajamba ny fiainantsika. Hoy Jesoa tamin'ilay jamba : “mandehana manasa ny masonao amin'ny farihin'i Siloe”, raha isika miaraka amin'i Jesoa dia tsy ilay farihin'iny siloe no mitondra ny fahagagana fa i Jesoa miantso atsika

tahaka ny niantsoany an'ilay vehivavy samaritana : “raha mba fantatrao ny fahasoavan'Andriamnaitra”, dia niditra tamin'ilay vehivavy samaritana ny fahasoavan'Andriamanitra. Miteny amintsika i Jesoa mandehana manasa ny masonao amin'ny fahrihin'ny siloe izay midika mandehana mihavana amin'Andriamanitra, mandehana mamonjy ny saktramentan'ny fibebahana, raha mibebaka tokoa ianao dia hahiratra ianao. Izany no niseho tamin'ny tantara tamin'ny Evanjely teo.

Mety misy olona misalasala be fanontaniana fa anjarantsika no mijoro tahaka an'io lehilahy io feno fitokiana sy fanentretena ka ho afaka miova tokoa ny fiainantsika.

Manamafy izany koa ny voalaza amin' ireo vakiteny anankiroa izay enontsika amin'izao alahady izao. Ny vakiteny voalohany dia mitantara ny nifidianana sy nanosoran'ny Tompo an'i Davida mpanjaka amin'Israely, ka izany no nanirahana an'i Samoela ho any Betlehema any amin'Isaia ka tamin'izay indrindra nisy fisalasalana. Raha isika olombelona mijery ety ivelany fa Andriamnaitra ny fontsika no jereny. Amin'izao vanim-potoan'ny karemy izao aoka ny fontsika ho fo misy an'Andriamanitra ka amin'izany atsangan'Andriamantira ho zanany isika tahaka an'i Davida hosorana. Izany no hiainantsika sahady rehefa hosorana menaka atsika amin'ny batemy. Ny vakiteny faharoa milaza ny vokatry - ny batemy manazava ny tena dikany ny batemy, taloha isika tao anatin'ny aizina fa ankehitriny kosa ao anatin'ny fahazavana, Kristy fahazavana manilo ny fiainantsika ka tsy mandeha anjambany intsony isika raha mandresy ny ratsy satria tahaka an'i Josefa lehilahy marina, mampanjaka ny rariny sy fahamarinana isika dia mazava ny fiainantsika. Na dia ao anatin'ny fahotana, na dia misy aza ny fanaratsian'ny olona araka ny hitantsika eo amin'ny evanjely, tsy ireny fahotana ireny no tanjona, tsy izy no nanota na ny Ray aman-dReniny fa mba hisehoan'ny asan'Andriamnaitra. Isika no hiasany asan'Andriamnaitra raha manaiky isika hiala amin'ny ratsy notsolovin'i Jesoa (mandehana manasa ny masonao amin'ny ranon'ny siloe), raha manasa ny masontsika amin'ny alalan'ny saktramenta isika, amin'ny alalan'ny fandalinantsika ny tenin'Andriamnaitra dia fantaro ary fa hiova ny fiainantsika manontolo. Izany hoe sasao amin'ny alalan'ny finoana, tsy ny sakramenta no manasa ny masontsika sy ny fiainantsika fa ny finoantsika. Mandray an'i Jesoa isika tahaka an'ity lehilahy jamba ity, hitantsika ny nataon'ilay jamba, manolotena amin'i Jesoa. Miara-dalana amintsika tokoa i Jesoa, mpiara-belona amintsika. Raha manome isika, raha mahafoy tsy hoe indray mandeha fa mandritra ny fiainantsika, raha manompo isika dia hahazo ny fahasoavan'Andriamanitra. Izany tokoa no anatanterahintsika ny hasimpinoana, manome hasina ny finoantsika katolika isika mba hanomezan'ny finoana fanamasinana antsika eo amin'ny fiainantsika. Izany no niseho tamin'ny Davida (vakiteny voalohany, izany no ambaran'i Md Paoly tany Efezy : raha mandray an'i Jesoa isika, raha manome ho an'i Jesoa isika dia mitsagnana ho velona miaraka aminy koa. Taloha isika ao anatin'ny haizina, fa ankehitriny ao anatin'ny fahazavan'i Kristy ka raha ny fahazavana no manentana atsika dia manao soa isika, manao ny marina isika, mivelona ny tena fitiavana isika ka amin'izay hiombona amin'i Jesoa nitsangan-ko velona tokoa.

Ry Kristianaina havana ilay tenin'i Md Paoly no anaovako antso avo amintsika amin'izao Alahady fahaefatra izao : MIFOHAZA AZA MATORY, MITSANGANA ARY RAISO I KRISTY EO AMIN'NY FIAINANTSIKA.

Ry Kristy zokinay ô, ianao tokoa no mpiara-belona aminay, mitantana ny fiainanay tokoa ianao,

marina fa sarotra amin'izao andronay izao no manavaka ny tena sarobidy. Maro ny zavatra mifangaro eo amin'ny fiainanay, mety tsy hitanay ny tena lalankombana, ianao no fahazavana, sokafy ny masonay izay jamban'ny zavatra maro isankarazany eo amin'ny fiainanay, ampio izahay hiombona aminao bebe kokoa fa efa akaiky izao ny fankalazana ny Paka. Enga anie ho raisinay ho modely tokoa i Md Josefa ka ho lehilahy marina, ho olomarina tokoa izahay eo amin'ny fiainanay, ho olona tia vavaka amin'izay afaka handresy ny ratsy ary ho tody soa aman-tsara amin'ny Paka ka hanana fiainam-baovaoa ao aminao. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson